# Lesona 5: Ho Voninahitr'andriamanitra Izany Rehetra Izany

## A. Tohatra fiankarana sa vato mahatafintohina

1. 1 Korintiana 8:1-13 Ahoana no maha vato mahatafintohina ny malemy ny fihinanana hena naterina tamin’ny sampy?
2. Inona no manosika an’i Paoly tsy hihinana hena naterina tamin’ny sampy? (Matio 22:37-39).
3. Ahoana no mahatonga ny fiainan’i Paoly ho tohatra fiankarana fa tsy vato mahatafintohina? 1 Korintiana 9:1-12,13-18,19-23
4. Eritrereto ny olona sasany nandritra ny asa fanompoan’i Jesosy teto an-tany, izay vato mahatafintohina ny fiainany fa tsy tohatra fiankarana. Kaiafa, Jodasy, Petera (tamin’ny fotoana sasany), Jakoba sy Jaona (tamin’ny fotoana sasany).
5. Inona avy ireo zavatra sasany izay tokony ho fidinao hialana satria mety ho vato mahatafintohina ny hafa?
6. Ahoana no ahatonga ny fiainantsika ho tohatra, manampy ny hafa amin’ny diany mankany amin’ny fifandraisany amin’Andriamanitra izay manova fiainana? (Matio 5:14-16, 25:34-36, sns.)

## B. Mandray lesona avy amin’ny lasa

1. 1 Korintiana 10:1-11 Inona no lesona azontsika ianarana avy amin'ny fanandraman'ny zanak'Israely nandritra ny fivahiniany tany an-tany efitra, niala tao Egypta ka hatrany Kanana?
2. Inona no fampitandremana omen'i Paoly izay hanampy antsika hiala amin'ny fahadisoana toy izany? 1 Korintiana 10:12
3. Inona no teny fampaherezana omen'i Paoly ho antsika rehefa toa alaim-panahy hamerina ireo fahadisoana tamin'ny lasa isika? 1 Korintiana 10:13
4. Mizara fotoana iray nahatsapanao ho malemy ara-panahy nefa nanome lalana hivoahana ho anao Andriamanitra.
5. 1 Korintiana 10:14-22 Voatarika ho amin'ny fanompoan-tsampy ny zanak'Israely. Nalaim-panahy hiverina amin'ny fanompoan-tsampy ny Kristiana tao Korinto. Inona no fampitandremana momba ny fanompoan-tsampy omen'i Paoly raha teto amintsika izy ankehitriny?

## D. Ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany

1. 1 Korintiana 10:31 Inona no tontolo-kevitra manodidina an'io fitsipi-piainana nozarain'i Paoly tamin'ny Kristiana tao Korinto io?
2. Inona no nanosika an'i Paoly hanao ny zava-drehetra ho voninahitr'Andriamanitra? 1 Korintiana 10:32-33
3. Zareo ireo lafiny hafa eo amin'ny fiainana ahafahana mampihatra io fitsipika io.
4. Zareo ny fotoana iray nahatsapanao fa mila manova ny fitondran-tenanao ianao, satria tsapanao fa tsy afaka manohy izany fihetsika izany sady manome voninahitra an'Andriamanitra.
5. Ahoana no ifandraisan'ilay fanasana ataon'i Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 11:1 amin'ilay fitsipika eo amin'ny fiainana nozarainy ao amin'ny 1 Korintiana 10:31?
6. Ahoana no hitarihan'Andriamanitra anao hampihatra io fitsipika io eo amin'ny fiainanao ankehitriny?